
# Ny Tontolon'ny fanahy

Vakio ny Almà 40:6–7, 11–14 mba hahitana ny zavatra nampianarin'i Almà an'i Kôriantôna. Avy eo dia ampiasao ireto loharano manaraka ireto mba hanampy anao hanomana kokoa ny zavatra hampianarinao.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:11–13, 18–22, 57

Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Paradisa," scriptures.ChurchofJesusChrist.org

Nampianatra toy izao ny Filoha Dallin H. Oaks ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



Fantatsika avy amin'ny soratra masina fa manohy miaina amin'ny maha-fanahy antsika isika any amin'ny tontolon'ny fanahy aorian'ny hahafatesan'ny vatantsika. Mampianatra koa ny soratra masina fa io tontolon'ny fanahy io dia mizara roa eo amin'ireo izay "marina" nandritra ny fiainana sy ireo izay ratsy fanahy. Ny soratra masina koa dia mitantara ny fomba nampianaran'ireo fanahy mahatoky ny filazantsara tamin'ireo izay ratsy fanahy na mpikomy (jereo ny 1 Petera 3:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 138:19–20, 29, 32, 37). (Dallin H. Oaks, "Matokia ny Tompo," *Liahona*, nôv. 2019, 26)

Omano ny fomba hanazavanao valiny amin'ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no mitranga amin'ny fanahintsika rehefa maty isika?
- Ohatra ny ahoana ny any amin'ny paradisa? Toy ny ahoana ny any amin'ilay faritra antsoin'i Almà hoe "haizina ivelany," saingy antsoina ihany koa hoe tranomaizin'ny fanahy (1 Petera 3:19) na helo (2 Nefia 9:12)?
- Ahoana no ahafahan'ny fianarana momba ny paradisa sy tranomaizina mampitombo ny fankasitrahantsika ny Mpamonjy?
- Ahoana no ahafahan'ny fahalalantsika ny tontolon'ny fanahy mitahy antsika mandritra ny fiainantsika etỳ an-tany?

Rehefa mampianatra dia ataovy mazava fa eo anelanelan'ny fahafatesana sy ny fitsanganana amin'ny maty, ny fanahin'ny marina dia mitoetra ao amin'ny paradisa ary ny fanahin'ny ratsy fanahy dia mitoetra ao amin'ny tranomaizin'ny fanahy. Zarao ny fomba fiantraikan'ny fahatakaranao io fahamarinana io amin'ny safidy ataonao eto amin'ity fiainana ity.

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_321-teacher_handout-1